



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FAMPIANARANA SORITRASAM-PIANGONANA ALAROBIA 10 MEY 2017

MIARA-MATY AMIN'I KRISTY SY MIARA-BELONA AMIN'I KRISTY !

MOURIR ET VIVRE AVEC LE CHRIST

Tsy Paoly mivantana no nanorina ny Fiangonana tao Kolosia izay anovozantsika ny fandalinam-pinoana ataontsika anio, fa araka ny filazany dia «I Epafra, hava-malala mpiray fanompoana aminay, no nampianatra anareo momba izany; mpanompo mahatokin'i Kristy izy ho fanasoavana anareo, ary dia nampahafantatra anay ny fitiavana izay nomen'ny Fanahy Masina anareo» Kolosiana 1. 7-8. Io Epafra io dia isan'ireo mpianatra novantanin'i Paoly tao Efesosy ka nanontaniany momba Fanahy Masina sy ny batisa noraisin'izy ireo. Nanambara ireo mpianatra ireo fa batisan'i Jaona ihany no noraisiny, (→ milaza izany fa efa nisy talohan'ny batisa Kristiana ny batisa natao, mitarika ny olona ho amin'ny fanadiovana araka ny fomba jiosy). Rehefa nitory ny amin'i Jesoa Kristy i Paoly ary nampahafantatra fa ny batisan'i Jaona Mpanao batisa dia nitaona fotsiny ny olona ny ho amin'ny fibebahana («mariky ny fialana amin'ny toetra ratsy»), fa efa nanambara kosa Jaona, ambonin'izany, nilaza ny amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy, araka ny teniny hoe : «Ny ahy, ao amin'ny rano no anaovako batisa anareo ho mariky ny fialana amin'ny toetra ratsy. Fa Ilay tamy aoriako dia mahery noho izaho ary tsy mendrika hivimbina ny kapany akory aho; ny Azy dia ao amin'ny Fanahy Masina sy afo no hanaovany batisa anareo» Matio 3. 11. Ny zava-dehibe tovozintsika avy amin'ity Tenin'Andriamanitra halalinintsika anio ity, ary tsara hoeritreretina tsara, satria mampahafantatra sy mitardalana antsika tsy ho voatariky ny fampianarana diso mahazo vahana ankehitriny ka mahataona olona maro hiala amin'ny Fiangonana efa mijoro, dia ny mampiavaka mazava tsara ny Batisa nataon'i Jaona Mpanao batisa amin'ny Batisa atao amin'ny anaran'ny Tompo, araka ny nandidiany ao amin'ny Matio 28. 18-20: «Efa nomena Ahy avokoa ny fahefana any an-danitra sy ety an-tany; koa mandehana ianareo, ataovy mpianatro ny firenena rehetra; ka ataovy batisa ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, sady ampianaro hitandrina ny zavatra rehetra nandidiako anareo. Ary indro Aho miaraka aminareo isan'andro vaky mandra-pahatongan'ny fiafarlan'izao tontolo izao.» Hamafisin'ny fampianarana ataon'ny Kristiana sasany ankehitriny ny fitakiana fotsiny fibebahana ho antoky ny batisa, koa izany no anoheran'izy ireo ny batisa ho an'ny zaza izay tsy mahay mibebaka akory, ka ampianariny fa tokony

« haverina hatao batisa » ny olona, rehefa lehibe mahatsiaro tena. Tsy hoe tsy ilaina akory ny fibebahana, izany hoe ny fialana amin'ny toetra ratsy, fa ny tena zava-dehibe dia ny **tokony hahatsiarovantsika kristiana tena fa tsy ny ezaka na ny zavatra atao araka ny fiheverantsika akory no zava-dehibe sy mahavoniy, fa ny fetezana mba handray ny asan'Andriamanitra amintsika ao amin'i Kristy irery ihany.**

Iverenantsika kely ny fampahalalana ny Fiagonana tao Kolosia nanoratan'ny Apôstôly "Paoly. Nampandroso ny tanànan'i Kolosia ny fiompana ondry nataon'ny mponina izay nitarika fivarotana volonondry foto-karena ho azy. Tahaka ny zavatra rehetra, kanefa, dia misy farany ihany izany, koa efa nanomboka nihena tsikelikely ny lazan'ny tanàna raha trathy ny horohoron-tany mafy tao ka rava izy, tokony ho tamin'ny taona 61 taor. JK. Fa naorina indray ny tanàna, ary tamin'izay fotoana izay dia efa nitsangana tao ny Fiagonana Kristiana, ary nangataka hataon'i Paoly batisa amin'ny anaran'i Jesoa ireo mpianatra, ka nametrahany tanana, ary nony avy eo, dia nandray ny Fanahy Masina (cf. Asan'ny Apostoly 19. 3-7). Isan'ny roa ambinifolo lahy voataonan'i Paoly tao Efesosy i Epafrà (Asa 19. 7). Raha nokorontanin'ny mpivavaka jiosy tsy nanaiky hiova fo araka ny fampianaran'i Paoly, ka nampangainy ho mpanakorontana , hany ka nenjehina, dia voatery niala tao Efesosy i Paoly ka nandeha nankany Grisia. Voaenjika foana izy, ary nosamborina sy natao an-tranomaizina tao aoriana.Tany an-tranomaizina i Paoly raha nanoratra ny taratasy ho an'ny Kolosiana, ary niaraka nosoratany tamin'izany koa ny taratasy ho an'i Filemona. Teo anilany tamin'izany fotoana nanoratany izany i Epafrà, araka ny voalazany ao amin'ny Kolosiana 4. 12, hoe : «Manao veloma anareo i Epafra, izay avy aty aminareo; io mpanompon'i Kristy Jesoa io dia mikely aina mandrakariva mivavaka ho anareo, mba hijoroanareo ho olona matotra ary vonona tanteraka hanao izay rehetra sitrak' Andriamanitra». Ny **mpanompon'Andriamanitra nahatanteraka asa tamin'ny toerana iray dia tsy mitsahatra manara-maso sy mitondra amim-bavaka izany asa izany (suivi).** Isan'ny Kristiana niarasamborina sy natao an-tranomaizina niaraka tamin'i Paoly koa, i Epafrà izay lazainy hoe «Manao veloma anao i Epafra, izay miara-voafonja amiko noho izy tafaray amin'i Kristy Jesoa», Filemona, and. 23. Azo lazaina ho nahatonga ny fisamborana an'i Epafrà, dia ny fisian'ny olona sasany nanao fampianarana hafa nanozongozona ny finoana kristiana, araka ny nampitandreman'i Paoly, hoe: « Mitandrema fandrao misy mahalasa anareo ho babony amin'ny fahendren'olombelona sy ny famitahana foana: ny fampianarana ampitain'olombelona sy ny herin-javatr'izao tontolo izao no iorenan'izany fa tsy i Kristy » Kolosiana 2. 8. Tsy tamin'izany fotoana izany ihany, fa **mandraka ankehitriny dia maro ny fampianarana miainga avy amin'ny saina amam-pahalalan'ny olombelona ka hanozongozonany ny finoan'ny kristiana tsy miorina tsara fa liana zava-baovao sy mahaliana hatrany**. Ny teny ampiasain'ny Apôstôly milaza izany fampianarana mampivily izany, dia ny teny grika hoe àptatàj (apâtê), midika hoe « famitahana, fandraikiraikena » (trompetrie, duperie) izay mahatonga ny olona ho toy ny varimbariana ka tsy mahay manavaka tanteraka intsony ny lainga, ny hevitra poaka aty, amin'ny hevitra marina tokony hametrahany ny finoany. Jesoa Kristy dia efa nilaza ny fampianarana tsy izy nataon'ireo raby jiosy sasany, fa voasoratra hoe: « Fa hoy i Jesoa taminy: Marina tokoa ny naminanian'i Isaia anareo mpihatsaravelatsihy, araka ny voalazar'ny Soratra Masina hoe: Ity vahoaka ity, hoy Andriamanitra, tendro-molotra no anajany Ahy fa ny fony kosa lavitra Ahy mihitsy: ka poaka aty ny fivavahana ataony amiko, satria didin'olombelona no ambarany ho fampianarako. Ny didin'Andriamanitra avelanareo, fa ny fomba amam-panao nampitain'olombelona kosa tananareo. Ary hoy koa i Jesoa taminy: Dia arianareo tsotra

izao ny didin' Andriamanitra, mba hitandremanareo ny fomba amam-panaonareo.» Marka 7.
6-9. Ireo mampianatra mifanaraka amin'ny « fisainan'olombelona » sy ny « herin-javatr'izao tontolo izao » lazain'i Paoly eo amin'ny toko 2, and.8 notanisaintsika teo aloha teo dia lasa mpanenjika ny kristiana vao niova fo tao Kolosia. Nantsoin'ny mpandinika hoe ireo « nivily lalana » (hérétiques) sy ny « mpandray an-tendrony ny lalàna » (légalistes pernicieux) izy ireo. Raha nampahatsiaro ny vokatry ny batisa natao tamin'ny anaran'i Jesoa ho an'ny kristiana i Paoly, dia nosoritany mazava tamin'ny Kolosiana fa « Maty ara-panahy ianareo fahiny noho ny fahadisoanareo ary noho ianareo tsy voafora tamin'ny maha olona mpanota; ankehitriny kosa, dia novelomin' Andriamanitra niaraka amin'i Kristy ianareo, rehefa navelany avokoa ny fahadisoantsika. Novonoiny ny sora-tanana namely antsika, dia ilay nirakitra ny didy niampanga antsika; ary mova tsynofantsihany teo amin'ny hazofijaliana izany sora-tanana izany ka nofoanany tsy hanan-kery intsony. Koa ny hazofijaliana no nandravan'i Kristy ny herin'ny fanapahana sy fahefana; dia nataony babo ireo ka nanjohy ny matsom-pandreseny ary nasehony miharihary ho fizahan'ny olona » Kolosiana 2. 13-15. **Ny olona natao batisa ho an'i Kristy, niara-maty sy niara-belona indray ao amin'i Kristy, dia olona afaka.** Saro-piaro ami'izany fahafahana tokony hotandrovana fatratra izany ny apôstôly, ka nananatra mafy ny Kolosiana izy, ary manankambara amintsika ankehitriny koa izany baiko omeny izany, hoe: « Aza avela hisy olona hitsara anareo momba ny zava-pihinana sy ny zava-pisotro, na ny fombafomba fanao amin'ny fankalazana na amin'ny tsinambolana na amin'ny sabata. Ireo rehetra ireo no tandindon'ny soa ho avy, fa ny tena zavatra dia i Kristy. Aoka tsy hisy olona hisakana anareo tsy hahazo ny amboara, ka hitaona anareo hanana fanetrentena haitraitra sy hivavaka amin'ny anjely. Manindrahindra ny fahitana azony ry zareo ka mieboebo tsy amin'antony, noho ny fisainany baikoin'ny maha olombelona azy... Niara-maty tamin'i Kristy ianareo sady afaka tamin'ny herin-javatra mangeja an'izao tontolo izao. Koa nahoana ianareo no miaina toy ny mbola voafehin'izao tontolo izao? Ary nahoana ianareo no mety hoteren'olona amin'ny fitsipika toy ny hoe: Aza mihinana an'ity, Aza manandrana an'iry, Aza mikasika an'izatsy na iroa? Zavatra mora levona amin'izay ampiasana azy avokoa ireo rehetra ireo, satria didy sy fampianarana avy amin'olombelona. Miseho ho fahendrena ireny didy sy fampianarana ireny satria hoe fivavahana vokatry ny finiavana ka ietren-tena manoloana ny anjely sy amolahana mafy ny vatana; kanefa tsy misy heriny akory hahasakana ny fanaranan'ny maha olona mpanota » Kolosiana 2. 16-18.2-23. Ny fomba fanehoana ny fiainam-pivavahana (religiosité) tamin'izany fotoana izany manko, ary miverina indray io ankehitriny, dia ny fanajana fadifady isankarazany sy fiheverana ho manompo an'Andriamanitra ka mahazo ny fankasitrahany amin'ny alalan'ny fombafomba isan-karazany, (**La religiosité de l'époque, et cela revient encore de nos jours, se manifestait volontiers par l'observation de tabous d'ordre alimentaire, d'abstinences d'ordre alimentaire, d'observation des supposés temps sacrés, des pratiques pour prétendre se séparer du monde et se consacrer ainsi à la divinité et s'attirer son faveur.**) Ambaran'ny apôstôly kanefa, fa toy hy « aloka » fotsiny ihany izany, tsy mahavonjy (gr. Σκιά, skià). Fa rehefa tonga Kristy, dia ao aminy ihany no azo antoka fa hahazoantsika ny soa amin'ny ho avy (« biens à venir »), dia : famelan-keloka (pardon), fahamasinana (sanctification), fiombonana amin'Andriamanitra (communion avec Dieu), fiainana (vie), manjary azon'ny mino sy iainany tokoa (accessibles) ao amin'ny Tenan'i

Kristy, dia ny Fiangonana (ampitahao amin'ny voalazan'ny Hebreo 10. 1 : gr. σκιὰ τῶν μελλόντων ἀγαθῶν σκιὰ τὸν μελλόντον ἀγάθον = l'ombre des biens à venir).

«**Natsangana ho velona niaraka tamin'i Kristy ianareo. Noho izany, katsaho ny zavatra any ambony, any amin'izay itoeran'i Kristy eo ankavan'an'Andriamanitra. Saino ny zavatra any ambony fa tsy ny zavatra ety an-tany. Fa efa maty ianareo, ka ny fiainanareo dia miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra. Kristy no tena fiainanareo ka rahatrizay hiseho Izy, dia hiara-miseho aminy koa ianareo sady hiray voninahitra aminy ».** Ankoatra izay noraisintsika ato amin'ny toko faha-3, dia indroa no milaza momba io « fahafatesana miaraka amin'i Kristy » io ny apôstôly Paoly : Kolosiana 2. 11,20. Fiainana no raisina avy amin' Andriamanitra no azon'ny mino, fa tsy fiainana araka ny fahendrena sy fahalalan'olombelona intsony. Fiainana « miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra », noho ny fiaraha-maty amin'i Kristy. Midika izany fa voaaro tsy ho resy sy latsaka anaty fahakiviana eo amin'ny fisian'ny heriseta sy ny faharatsiana eto amin'izao fiainana izao izy. Amin'ny any am-parany, amin'ny fiavian'i Kristy indray, vao ho feno sy tanteraka izany fiainana izany, fa santatra sahady amin'izany fiainana tonga lafatra izany ny « fiarahana velona amin'i Kristy », izany hoe natsangan-ko velona ao amin'ny fiainam-baovao.

Fa mila fandalinana manokana izay voalazan'ny apôstôly eto ho tokony hiavaka tsara : « **ny zavatra any ambony** », etsy andaniny, sy « **ny zavatra ety an-tany** », etsy ankilany. Ilay voalohany dia milaza ny zava-misy azo avy amin'ny famonjena antsika nataon'i Kristy (les réalités du salut obtenu en Christ), fa ny faharoa kosa dia milaza ny rehaky ny fiainana eto amin'izao tontolo izao. Ilay tena fiainana, miafina ao amin'i Kristy ankehitriny, fa fiseho miharihary rahatrizay, dia **fianam-pahamasinana atafin'Andriamanitra izay rehetra mino**. Tsy isika no mamboly toetra tsara hisehoantsika ka hiheverana hahazoana ny fankasitrahan'Andriamanitra. Raha ho izany, dia ho tahaka ny nataon'ireo Fariseo sy Mpanora-dalàna niara-belona tamin'ny Tompo nivelona tamin'ny fihatsarambelatsihy ka nomelohin'ny Tompo fatratra ihany isika (*cf. Matio 23 : 13-29*). Hoy ny mpandinika Soratra masina sy mpanao heviteny iray, milaza ny momba izany, hoe : « Aucun connaisseur des épîtres de l'apôtre Paul ne saurait mettre au compte de l'apôtre ces considérations laborieuses et confuses sur la piété légaliste et ascétique en général. Il suffit de les comparer à la vigoureuse exhortation des v. 20 et 21, pour reconnaître qu'elles sont d'une toute autre qualité »¹. Fa soritany mazava tsara kosa ny rehaky ny fiainana eto amin'izao tontolo izao, lazainy eto hoe « **ny zavatra ety an-tany** », eo amin'ny and. 5 : « **ny fiangajangana, ny fahalotoana, ny filandratsy, ny fitsiriritan-dratsy, ary ny fitiavan-karena (fa fanompoan-tsampy ny fitiavan-karena). ... fahatezerana, fisafoahana, faharatsiam-panahy, fanevatevana, teny maha menatra aloaky ny vavanareo. Aza mifandainga ianareo fa efa narianareo ny toeatra taloha mbamin'ny asany** ». Tsy tsaroan'ny olona maro akory, fa betsaka ankehitriny no zatra miaina amin'ireo zavatry ny tany tanisaina ireo. Azo lazaina akory aza fa loharanon'ny fikorontanana sy manimba ny Fiangonana ireo. **Tsy vitan'ny olona fotsiny, amin'ny herin'ny tenany kanefa, ny manohitra ireo ka miaina amin'ny zavatra any ambony. Fa ny finoana, ny fiarahana amin'i Kristy, asan'ny Fanahy Masina noho ny herin'ny vavaka irery ihany no hahazoana manao izany.** Lazain'ny apôstôly izay tokony harahintsika :

¹ MASSON, Charles, *L'épître de Saint Paul aux Colossiens*, Delachaux & Niestlé, Neuchâtel (Suisse) , 195à, p. 140

Koa amin'izany, tsy misy ny hoe hafa firenena sy Jiosy, voafora sy tsy voafora, olona tsy mivoatra na tratra aoriana, mpanompo sy tsy mpanompo; fa i Kristy no zavatra rehetra sady ao aminareo rehetra. **Olomboafidin'Andriamanitra sy voatokany ho Azy ianareo sady efa notiaviny.** Noho izany, aoka ianareo hitafy hatsaram-po sy fiantrana, hamoram-po sy fanetrentena, fahalemem-panahy sy fahari-po. Mifandefera ka mifamela heloka ianareo, raha misy manana alahelo amin'ny sasany. Aoka ianareo koa mba hamela heloka, tahaka ny efa namelan'ny Tompo heloka anareo. Fa ambonin'ny zavatra rehetra, **mitafia ny fitiavana izay mamehy ny hatsaram-panahy rehetra ho tanteraka.** Aoka hanjaka ao am-ponareo ny fiadanana omen'i Kristy, fa ho amin'izany fiadanana izany no niantsoan'Andriamanitra anareo hitambatra ho tena iray; ary aoka ho feno fisaorana an'Andriamanitra ianareo. **Aoka ny tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo,** ka **hifampianatra sy hifananatra amim-pahendrena** tanteraka ianareo; noho ny fahasoavana manenika anareo, dia mihira amin'ny fonareo tokoa ho an'Andriamanitra ka mikaloa salamo sy hira ary antsa asesiky ny Fanahy Masina. **Ary ny zavatra rehetra, lazainareo na ataonareo, dia tontosao avokoa amin'ny anaran'i Jesoa Tompo ka isaory an'Andriamanitra Ray amin'ny alalany.» Kolosiana 3. 11-17. Asain'ny apôstôly foanana tanteraka ny fanandrata ny fiavakavahana, ara-poko sy ara-piaviana, ary arapahalalana sy ara-tsaranga, fa atsangana ho ambony sy sarobidy ny fifidianan'Andriamanitra antsika. Tokony ho tsaroana ny hasarobidin'ny fitiavan'Andriamanitra antsika izay manery antsika koa mba hifankatia isika samy isika, araka ny baikon'ny Tompo nambarany fa marika hahalalana ny maha-mpianany antsika. Raha manao izany isika dia hanjaka ao amintsika ny fiadan'an'Andriamanitra izay tsy hain'izao tontolo zao omena, sady tsy fantany rahateo. Koa fiainana feno fisaorana sy fankasitrahana, tarihin'ny fankatoavana sy fanajana ny Tenin'Andriamanitra, ao anatin'ny finoana, izany no hainantsika. **Ny fifankatiavana no mahatonga ny firaism-po ka mitarika ny mino amin'ny fiaraha-miasa hifampandroso sy hampandroso ny Fiagonana.** Raha mifampihafahafa dia tsy ho tanteraka amin'izany, fa tokony tsy hifampisorona mihitsy, hifandinika ka hifananatra amim-pahendrena.**

FEHINY

Ny fifampandrosoana sy fiainana feno fankasitrahana an'Andriamanitra izay ananan'ny olona niara-maty tamin'i Kristy sy niara-belona taminy, dia tsy voafaritra ao anatin'ny Fiagonana sy ny fiaraha-monina fotosny, fa **miampita indrindra koa ao amin'ny fiainam-pianakaviana izany « fiainana ny zavatra any ambony izany ». Ao anatin'ny tokantrano kristiana indrindra koa no hahitana taratra ny fahamasinana, ny fifankatiavana, ny fiafanajana, ny fiombonana hiara-manompo an'Andriamanitra. Soritan'ny apôstôly fa misy antanan-tohatra (hiérarchie) ao amin'ny fiainan-tokantrano, kanefa tsy tokony ho diso fandray hevitra na alaim-panahy hanaraoraotra hamadika izany ho amin'ny fitiavantena ny mino, fa hahay manaja araka ny nandahara'Andriamanitra azy.**

«**Ianareo vehivavy, maneke ny vadinareo, araka ny mety amin'ny maha mpanaraka ny Tompo anareo. Ianareo lehilahy, tiavo ny vadinareo ary aza sosotra aminy. Ianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo amin'ny zavatra rehetra, fa izany no ankositrahin'ny Tompo. Ianareo ray aman-dreny, aza mampisafoaka ny zanakareo, fandrao hamoy fo izy. Ianareo mpanompo, maneke ny tomponareo ara-nofo amin'ny zavatra rehetra. Aza eo imasonry ihany no manao izany, toy ny mila sitraka**

amin'olona; fa maneke amim-pahatsoram-po noho ny fanajanareo an'i Jesoa Tompo. Na inona na inona ataonareo, dia tontosao amin'ny fo tokoa tahaka ny atao amin'i Jesoa Tompo fa tsy amin'olona. Eny, fantatrareo fa i Jesoa Tompo no handraisanareo ny valiny, dia ny anjara lova natokana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra; satria ny tena Tompo Izay tompointareo, dia i Kristy. Fa izay manao ratsy dia hovaliana amin'izay ratsy nataony, fa tsy mba mizaha tavan'olona» **Andriamanitra » Kolosiana 3. 18-25.**

Ny vehivavy no resahina voalohany, satria ny vehivavy no ain'ny tokantrano, ary izy no manome aina ny fainam-pianakaviana. Ny vehivavy asaina manaiky ny vadiny, tsy tokony haraoraotin'ny lehilahy hanaovana tsindrihazolena azy izany, toy izay fahita ao amin'ny fiaraha-monina sasany. **Na ny lehilahy, na ny vadiny, dia tokony hahatsiaro fa « tahaka ny aneken'ny mino an'i Kristy » no tokony ho modelin'ny fanekena.** Izany no mahatonga ny fampahatsiarovana sy ny **baiko omena ny lehilahy fa « tokony ho tia ny vadiny izy », ka « aza sosotra aminy »** Ny teny grika fototra ampiasaina eto dia ny hoe Πικραίνω (*pikrainō*) midika hoe « mampangidy » (rendre amer), ary rehefa itarina ny hevitra dia manjary hoe « manorisory, mampahatezitra, mampahasosotra ». **Ahoana moa no hisian'ny fanoavana, raha toa ka sosotra sy tezitra, fa tsy mandeha amin'ny fitiavana.** Ny fahefana tsy ombam-pitiavana dia miteraka alahelo ka manosika ny vehivavy hionona tsy fidiny, ary mety hamoy fo, fa tsy hahay manaiky ny vadiny araka ny tokony ho izy. **Ny zanaka indray dia antsoina hankato.** Ny hevity ny teny hoe « *mankato* », dia mihaino tsara sy manatantekana ny fananarana omena azy. Baiko avy amin'ny Tompo Andriamanitra izany, fa tsy araka ny sain'olombelona fotsiny (cf. Eksodosy 20. 12). Ny **ray**, na ny **ray aman-dreny**, araka ny dikanteny noraisintsika eto dia ampitandremana mba tsy hanao izay hampisafoaka na hahatezitra ny zanany. Ny teny grika dia hoe Ερεθίζω (*erethizō*), midika hoe manaika (provoquer), mandrangitra (exciter). Fiteny tsy voahewitra dia mety hampisafoaka na handrangitra, ka miteraka fandavana sy fikomiana. Andraikitrty ny ray aman-dreny ny fitaizana, koa ny fananarana dia ao anatin'ny fitaizana fa tsy fanamparam-pahefana amin'ny zanaka akory. Marihina fa, amin'ny rijan-teny fototra dia ny « **ray** » no **lazaina manokana** fa tsy ny ray aman-dreny mitambatra. **Sarobidy manko ny fahefan'nty ray, ary ampiasaina matetika ilazana ny fifandraisan'Andriamanitra amintsika olombelona koa izany.** Tao anatin'ny fiaraha-monina mbola nisy « *tempo* » sy « *mpanompo* », dia nitodika manokana tamin'ny mpanompo ny apôstôly. Raha nanao izany izy, tsy fiarovana ny rafitra teo amin'ny fiaraha-monina akory izany, fa fampahatsiarovana ihany koa fa misy ny *tempo samihafa* tompointsika. Na ny « *tompony* », na ny « *mpanompo* » dia tokony samy hahatsiaro fa eo ambany fahefan'ny Tompo iray izy ireo, dia Andriamanitra. Ao anatin'ny fanajana sy ny fatahorana an'Andriamanitra no mahatonga ny fanoavana, koa tsy ny tombontsoan'ny olona no ho zava-dehibe fa ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra irery ihany.

Ny Kristiana rehetra dia tokony hahatsiaro, araka izay voalaza eo amin'ny and. 12 amin'ity toko nakantsika ny fandalinana anio ity, fa « **Oloboafidin'Andriamanitra sy voatokany ho Azy ianareo sady efa notiaviny** ». Ao anatin'ny fahatsapana izany voninahitra omen'Andriamanitra antsika izay mino ao amin'i Kristy (dignité reçue en Jésus-Christ) izany, no manome saina sy aina vaovao, ka manova ny fainantsika niara-maty sy niara-novelomina indray ao amin'i Kristy.

Ho an'Andriamanitra Irery ihany anie ny voninahitra !

Brétigny-sur-Orge, 10 mai 2017

© Rev. Dr Jean A. RAVALITERA

Filohan'ny FPMA

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.